REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

# TATITRY NY FILANKEVITRY NY MINISITRA NATAO TAMIN'NY ALALAN'NY « VISIOCONFERENCE » NY 23 JOLAY 2020

**NATAO TAMIN'NY ALALAN'NY VISIOCONFERENCE NY FILANKEVITRY NY MINISITRA ANDROANY FAHA 23 JOLAY 2020 NOTARIHIN'NY FILOHAM-PIRENENA ANDRY RAJOELINA ARY NAHITANA NY PRAIMINISITRA SY IREO MINISITRA ISAN-TOKONY :**

## I- FAMPAHAFANTARANA

### Fitantanan-draharaham-panjakana

Hotanterahina ny 13 aogositra 2020 ny Dinika politika iarahana amin'ny Vondrona Eoropeana, isan'ny zava-dehibe hiaraha-midinika amin'izany ny fomba fanatsarana ny fiaraha-miasa izay tokony hametrahana ny tena filan'i Madagasikara marina ao anatin'izany fiaraha-miasa izany. Miankina indrindra amin'ny fivoaran'ny toe-draharaha ara-pahasalamana eto amintsika ny fomba sy endrika entina manatanteraka izany Dinika politika miaraka amin'ny Vondrona Eoropeana izany.

Nomena fanalefahan-ketra manokana ny fanafarana sy fampidirana entana ho enti-miady amin'ny covid-19 nataon'ny orinasa Alpha Ocean Resurces Berhad iarahany amin'ny fanjakana.

## II- FANDANIANA DIDIM-PANJAKANA :

Araky ny volavolan-kevitra naroson'ny

### Ministeran'ny toe-karena sy ny fitantanam-bola :

Nekena ny didim-panjakana manome alalana manokana ny fifanaraham-piaraha-miasa eo amin'ny Société Générale sy ny SPM amin'ny fanafarana vary 16.000 taonina hamatsiana ny eto an-toerana izay mitentina 5,3 tapitrisa dolara ka nahafahana nividy vary mora 345$ ny taonina avy any ivelany.

.

# III- FANENDRENA

**Ny Filankevitry ny Minisitra dia nankatoa ny fanendrena ireto mpiasam-panjakana ambony ireto :**

**Araka ny tolo-kevitry ny Minisitry ny Raharaham-bahiny :**

- **Ramatoa RAZANADRASOA épouse SANOU Marie Léontine**, dia voatendry ho Tale misahana ny « Promotion du Partenariat pour le Développement »

- **Ramatoa RABOZAKANDRAINA Nirina Angela**, dia voatendry ho Tale misahana « Relations Bilatérales »

- **Atoa SETILAHY Ludovic Richard**, dia voatendry ho tale misahana ny « Relations Multilatérales »

- **Atoa BEMAKA Jules Ricardo**, dia voatendry ho Tale misahana ny « Système d'Informations »

**Araka ny tolo-kevitry ny Minisitry ny Ati-tany sy ny Fitsinjaram-pahefana :**

- **Atoa Dr Marcellin Randriamanantena,** dia voatendry ho Governoran'ny faritra Analanjirofo

- **Atoa Daodo Arona Marisiky,** dia voatendry ho Governoran'ny faritra Diana

- **Atoa Andriatomanga Mokhtar,** dia voatendry ho Governoran'ny faritra Boeny.

**Araka ny tolo-kevitry ny Minisitry ny Rano, Fanadiovana ary Fidiovana**

- **Ramatoa FATIMA Olga Abrahim**, voatendry ho Tale misahana ny « Cellule de Bonne Gouvernance ».

- **Atoa RAKOTONIRINA Fanantenana**, voatendry ho Tale misahana ny « Cellule de la Recherche et du Développement »

**Araka ny tolo-kevitry ny Minisitry ny Indostria, ny Varotra ary ny Asa-tanana**

- **Atoa TOVONDRAINY Ramananandro,** dia voatendry ho Tale misahana ny « Emergence Industrielle »

**Natao androany faha 23 Jolay 2020**
**Ny Sampan-drahahran'ny serasera sy ny fifandraisana eo anivon'ny Fiadidiana ny Repoblika**